

1 MAY 2010.

17 Iyar 5770.

Ny Gétsémané-ntsika manokana

« *Na zovy na zovy no tsy mitondra ny hazo fijaliana ka tsy manaraka Ahy, dia tsy azo ekena ho mpianatro izy.* ». (Lioka 14: 27)

Ny fanapahan-kevitra noraisin'i Jésofy tao Gétsémané, fanapahan-kevitra manan-danja ho an'izao tontolo izao dia tsy fanapahan-kevitra farany mikasika ny ho avy mandrakizain'ny isambatan'olona akory. Na dia nanokatra ny famonjena ho an'ny taranak'olombelona aza Izy dia tsy nanafoana ny safidin'ny tsirairay izany. Io fanapahan-kevitra io dia namaha olona ny mikasika ny fikasàn'Andriamanitra ary nahafàhana manantanteraka izay azon'ny olona atao.


Nisy fisehoan-javatra mampalahelo sy mahatsiravina niseho taorianakelin'ny tolona mavaivay samirery nataon'i Jésofy tao amin'ny jaridainan'i Gétsemané. Nihevitra ny hamerina ny sain'ireo mpitarika ny firenena i Pilato raha nampifanohitra an'i Jésofy an'i Barabasy ilay mpamono olona maro mpahafantara sady efa nohelohina . Nampisafidianiny azy roalahy izy ireo mba hanafahany an'i Jésofy. Etsy ankilany, ilay nanatanteraka fahagagàna marobe ka nampiseho tamin'izany ny fitsinjovany azy ireo, etsy andaniny Barabasy izay mpamono sy mpandroba. Nisafidy an'i Barabasy ny vahoaka; nandray fanapahan-kevitra mikasika ny tarank'olombelona manontolo Jésofy , fampisehom-pitiavana tsy azo lavina. Kanefa ny isam-batan'olona dia nanomboka nikiakiaka naneho ny safidiny manokana.

Fanehoana antsary iray koa no azo avoitra teo amin'ireo olona manodidina akaiky an'i Jésofy. Jodasy, Petera sy izy fololahy dia nanana tombotsoa nety nahafantatra ny drafitra napetrak'i Jésofy. Saingy nanao ny tombotsoany ambony noho ny an'ny rehetra Jodasy. Ka efatra amby roapolo ora taorian'io dia notanterahany ny fikasàny ary dia namono tena izy avy eo. Lasa tany amin'ny fandàvana an'i Jésofy koa Petera. Kanefa na izany aza rehefa tonga saina fa nitondra tena tsy nety teo anatrehan'ny fahamarinana izy dia niaiky heloka ary nifona.

Mazava ho azy araka izany fa eo antanan-tsika tsirairay avy ny ho avintsika. Mazava ho azy koa fa miatrika hery ara-panahy ambonyh kanefa mahakasika antsika isika ; na dia tsy fantatsika loatra aza ary na dia tsy ho azontsika hotoerina koa aza! Kanefa afaka misafidy isika hoe iza amin'ireo hery ireo no ahatratra antsika. Ny fifanandrianana goavana ifanaovan'i Kristy sy Satàna dia mitohy mandrak'ankehitriny; fa anaty fanahin'ny tsirairay indray izao no sehatr'io ady mafana io.

« Tonga ny fotoana izay hanapahan'ny tsirairay avy isam-pirenena hevitra eo amin'ny tolona hifanaovan'ny fahamarinana na lainga, hifanadrinan'ny tsara sy ny ratsy » Russell Lowell-JAMES

Raha maka toerana eo akaikin'Andriamanitra isika dia hahazo ilay fandresena efa hazony!



<http://schwintner.chez-alice.fr/>